**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**
**Tanindrazana Fahafahana Fandrosoana**

**MNSISTERE DE L'AGRICULTURE DE L'ELEVAGE ET DE LA PECHE**

**SECRETARIAT GENERAL**

**PROJET D'AMELIORATION ET DE DEVELOPPEMENT AGRICOLE DANS LE NORD EST**

**COMPOSANTE ORGANISATION PAYSANNE**

# FIOFANANA NATAO HO AN'IREO TOMPON'ANDRAIKITRA AO AMIN'NY FIKAMBANAN'NY MPAMPIASA RANO NANAOVANA FAMINDRAM-PINTANTANANA ETO AMIN'NY PADANE TAONA 2004


FIOFANANA NATAON'NY

**GROUPEMENT D'ACTION POUR LE DEVELOPPEMENT**
Siège : Logement 14, Résidence Universitaire,
Manakambahiny 101 - ANTANANARIVO,
BP 3783- ANTANANARIVO 101.
Bureau au lot V A 5 Bis à Tsiadana, route de l'Université
Tel: 22 665 12 ou 22 460 21 ou 033 11 552 38 ou 033 1457041.
Récépissé n°930-96-FAR/ANT/AT/ASS.

## HO HITANAO ATO:

### NY FAMINITINANA AN' IREO DIDY AMAN-DALANA MIFEHY NY TAMBAJOTRA ETO MADAGASIKARA

→ Ireto avy ireo didy aman-dalàna mifehy ny tambajotra eto madagasikara :

→ Ny lalàna laharana faha-90-016 tamin'ny 20 Juillet 1990

→ Ny didim-panjakana laharana faha 90-642 tamin'ny 19.02.90

→ Ny didim-pttendcsna lahara faha 4293/97 tamin'ny 06 May 1997

→ Fifanekem-pitantanana lasitra momba ny vaki-paritra tena madinika itarihan-drano amin'ny fambolena, ifanaovan'ny Fanjakana sy ny Rafi-pandaminana na ny Vondrona Rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa.

## FANOMBOHANA NY FIOFANANA

### I - FAMARTTANA AN'IRETO TENY MANARAKA IRETO:

1) Ny atao hoe tambajotra
2) Ny atao hoe Fikambanan'ny Mpampiasa Rano
    - Famaritana azy;
    - Ny antony nananganana azy.
3) Ny andraikitra sahanina manoloana ny foto-drafitr'asa napetraky ny fanajariana ny lemaka:
    - Fitantanana;
    - Fikojakojana;
    - Fitandremana. fiarovana;
    - Fampitomboana ny vokatra.

### II - IREO LALANA SY FITSIPIKA MIFEHY NY FMR HO FAMPANDEHANANA NY FIKAMBANANA S Y HO FIKARAKARANA NY TAMBAJOTRA

a) Lalàna faha 90-016 tamin'ny 20/07/1990.
b) Didim-panjakana faha 90-642 tamin'ny 19.02.90 ho fampiharana an'io lalàna io
d) Didim-pitondrana faha 4293/97 tamin'ny 06 May 1997 mikasika ny bokin' andraikitra manokana amin'ny famindram-pitantanana ny tambajotra amin'ny lemaka madinika.
e) Fitsipi-pitondran' ny FMR.
f) Fitsipika anaty ny FMR.
g) Dinan'ny FMR

### IV - FAMARANANA

- Famintinana
- Famaranana sy Tomban'ezaka

## VOTOATINY

## I - FANAZAVANA

A. Ny lohahevitra hampiofanana: dla ireo lalàna, sy fitsipika mifehy ny FMR ho fampandehanana ny fhantanana, ny fikojakojana ary ny fiarovana ny Tambajotra amin'ny lemaka nohajariana.

Ny antony fiofanana mikasika io lohahevitra io dia:

- ► Satria ny FMR dia fikambanana, dia mijoro ara-dalàna;
- ► Mba hialàna amin'ny baranahiny;
- ► Mba hampirindra tsara ny fampandehanana ny FMR
- ► Mba hampaharitra ny Tambajotra
- ► Mba hampiroborobo ny famokarana;
  - ⇒ Dia nasiana lalàna ara-panjakana maromaro sy fitsipika hifehy antsika FMR.

B. Ny Tanjona ho tratrarina dia :

- ► Fahaizana
- ► Fahaiza manao,
- ► Traikefa sy ny maha izy ny FMR.

D. Fomba atao dia ny fahampafantarana antsika :

- ► Ny lalàna;
- ► Ny didim-panjakana;
- ► Ny fitsipi-pitondrana,
- ► Ny fitsipika anaty ;
- ► Dina.
  - ⇒ Izay mifehy ny Fikambanan'ny Mpampiasa Rano.

## II - NY LALANA LAHARANA FAHA 90-016.

Misy fizarana enina:

- o Fizarana faha-I : momba ny tambajotran'ny fitarihan-drano amin'ny fambolena.
- o Fizarana faha-Il : momba ny fitantanana ny tambajotra
- o Fizarana faha-III : momba ny fikojakojana
- o Fizarana faha –IV : momba ny fitandremana ankapoben'ny tambajotra.
- o Fizarana faha –V : momba ny famindram-pitantanan ny fotodrafitrasa
- o Fizarana faha -VI : Fepetra samihafa

IREO FOTOKEVI-DEHIBE 1SAKY NY FIZARANA KA TSARA HO HAY

*Fizarana faha-I: momba ny tambajotran'ny fitarihan -drano amin ny fambolena*

Dia mamaritra fa ny lalàna faha 90-016 izay natao tamin'ny 20 jolay 1990, dia natao mba hifehezana tsara ny tambajotra fitarian-drano amin'ny fambolena eto Madagasikara. Ny fisian'io lalàna io dia mampiavaka manokana ny « Fikambanan'ny Mpampiasa Rano ».

*Fizarana faha-II: momba ny fitantanana ny tambajotra*

- Manazava fa ny fitantanana, ny fikojakojana ary ny fitandrem-pilaminana eo anivon'ny tambajotra dia ataon'ny rafi-pandaminana izay mizaka ny zo maha olona sy zo ara-bola dia ny «Fikambanan'ny Mpampiasa Rano » izany.

- Mpikambana avy hatrany ao ny Mpamboly rehetra manana tanimbary na horaka ao anatin'ny fari-pamokarana misy tambajotra nohajariana.

- Mametraka fitsipika hifehy azy ny Fikambanana: ftsipi-pitondrana, fitsipika anaty ary dina.
- Raha tsy misy io rafi-pandaminana io ao amin'ny fari-pamokarana misy ny tambajotra nohajariana, dia ny vondrombahaoaka itsinjaram-pahefana no miandraikitra ny fitantanana, ny fikojakojana ary ny fitandrema-pilaminan'ny tambajotra (toy ny fiarovana izany...)

*Fizarana faha-III: momba ny fikojakojana*

- Andraikitry ny rafi-pandaminana na ny FMR no manao ny asa rehetra ho fikojakojana ny tambajotra, ka manana zo hanangona vola ho entina manao izany izy.
- Tsy maintsy mandoa ny vola ho saram-pikojakojana ny Mpikambana rehetra. Saziana arak'izay faritany ny dina ny Mpikambana tsy nahaloa ny saram-pikojakojana tao anatin'ny fotoana nifanarahana.
- Amin'ny alalan'ny proagraman'asa no hamerana ny saram-pikojakojana,
- Ny vola voahangona dia arotsaka ao amin'ny banky misy ny kaontin'ny Fikambanana.
- Ny Mpikambana ao amin'ny birao no mitantana ny vola ;
- Afaka miantso sampana hafa ivelan'ny Fikambanana ny mpikambana hanampy azy hitaky ny vola raha misy manahirana azy amin'izany.

*Fizarana faha -IV: momba ny fitandremana ankapoben'ny tambajotra.*

- Ho fitandremam-pilaminana ny tambojatra, izany hoe ny fiarovana azy, dia mametraka fitsipika hifampifehezana na dina ny Fikambanana.
- Faritana ao anatin'izany ny famaizana izay mandika ny dina toy ny fanamboarana ny zavatra nosimbana na fandoavana vono dina na izy roa miaraka.
- Ireto misy ohatra vitsivhsy amin'ny zavatra tsy azo atao ka mety hiaran'ny dina sy ny lalàna raha dikaina :
  - Ala-drano,
  - Fanimbana fotodrafitr'asa,
  - Fampiraofana biby fiompy eny amin'ny fefiloha,
  - Fanaovana trano eny amin'ny fefiloha,
  - Fanariana rano maloto na fakofako ao amin'ny lakandrano,
  - Familina lalana ny lakandrano,
  - Fanaratoana na fametrahana vovo ao anatin'ny lakandrano,
  - Fananganana toho-drano vaovao ao alohan'ny toho-drano efa miorina nefa tsy vita fanadihadiana na nahazahoan-dalana ets...
- Ny fandikan-dalàna na ny dina dia hiaran'ny vonodina na sazy izay mety hisy fampidirana am-ponja sy fandoavana onitra raha miakatra fitsarana ny raharaha.

*Fizarana faha-V: momba famindram-pitantanana ny fotodrafitrasa*

- Mba hafahan'ny FMR manao an-tsakany sy andavany ny fitantanana, ny fikojakojana ary ny fiarovana ny tambajotra, dia hafindra aminy ny fitantanana ny fotodrafitrasa. ;
- Ny Minisitra miandraikitra ny fananantany no manao ny fombafomba rehetra atao amin'ny famindram-pitantanana amin'ny alalan'ny famoahana didy (arrêté) mikasika izany.

*Fizarana faha-VI: Fepetra samïhafa*

- Hisy didim-panjakana izay ho tapahina eo am-pivorian'ny Minisitra mba hamaritana misimisy kokoa ny andininy amin'ity lalàna ity.

- Izay lalàna rehetra nisy teo aloha na zavatra mifanohitra amin'ity lalàna ity dia foana tsy mamankery.
- Ny lalana dia avoaka amin'ny gazeti-panjakana ary haparitaka sy ampiharina amin'izay rehetra mety ilàna.

## III - NY DIDIM-PANJAKANA LAHARANA FAHA- 90-642 HO FAMPIHARANA NY LALANA FAHA 90-016

Misy fizarana efatra:

- Fizarana faha-I : momba ny tambajotran'ny fitarihan-drano amin'ny fambolena.
- Fizarana faha-II : momba ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa
- Fizarana faha-II : momba ny fikojakojana
- Fizarana faha -IV : fepetra samihafa

FOTOKEVI-DEHIBE ISAKY NY FIZARANA KA TSARA HO HAY

*<u>Fizarana faha-I</u>: momba ny tambajotran'ny fitarihan-drano amin'ny fambolena*

Io fizarana voalohany io dia mamaritra zavatra roa : ny tambajotra sy ny Mpampiasa Rano

1. Ny tambajotra dia ireto avy :
   - asa voakaly sy asa momba ny fltarihan-drano
   - asa voakaly sy asa momba ny fanamainana ny tany
   - asa voakaly sy asa momba ny fefiloha ary ny lalan-kely mampitohy ny toeram-pamokarana.
2. Ny Mpampiasa rano dia ireo olona rehetra mamboly ao amin'ny lemaka misy tambajotra voajary

*<u>Fizarana faha-II</u> : momba ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa*

Io fizarana io dia mamaritra ny mikasika ny rafi-pandaminana ny Fikambanana Mpampiasa Rano sy ny andraikiny.

Ny rafi-pandaminan'ny Fikambanana Mpampiasa Rano dia vondron'ny mpamboly natsangana ara-dalàna ka nahazo ny fankatoavan'ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana isan'ambaratonga : kaominina, fivondronana, faritany

Ny andraikiny dia :

- mitantana ny rano manomboka eo amin'ny barazy ka hatramin'ny tanimbary,
- manapaka ny fotoana hanidina sy hanokafana ny rano,
- miantoka ny fanatanterahana ny fikojakojana rehetra,
- miantoka ny farnpiharana ny lalàna manankery ary inisan'izany ny Dina,
- manao fisamboram-bola raha ilaina izany,
- manapaka ny programan'asan'ny fikambanana sy ny vinavinam-bola ilain'ny fikambanana isan-taona,
- mikaroka lalam-bola izay tsy mifanohitra amin'ny tanjona voafaritry ny fitsipi-pitantanana,
- mitantana ny tahiry sy ny fananana eo am-pelatanana,

*<u>Fizarana faha-III:</u> momba ny fikojakojana*

Ity fizarana ity dia manamafy fa :

- tsy maintsy mandoa manontolo ny saram-pikojakojana ny tambajotra ny mpikambana rehetra ao anatin'ny fotoana nifanarahana,
- ny fitakiana izany vola izany dia andraikitrin'ny mpikambana ao amin'ny birao,
- raha misy tsy mandoa ny mpikambana dia ampiharina aminy ny fepetra voalazan'ny Dina,
- amin'ny asa vitan'ny herin-tsandry dia tsy maintsy mandray anjara ny mpikambana rehetra, ary ampiharina amin 'izay tsy manatanteraka izany ny Dina.

*<u>Fizarana faha-</u>IV: fepetra samihafa*

Ity fizarana faha efatra ity dia milaza fa misy bokin'andraikitra mahafaobe iray izay mamaritra ny antsipirihany amin'ity didim-panjakana ity.

## <u>IV- NY DIDIM-PANJAKANA LAHARANA FAHA 4293/97 MIKASIKA NY FAM1NDRA-PITANTANANA AMIN'NY TAMBAJOTRA AO AMIN'NY VAKIM-PARITRA TENA MADINIKA</u>

Io didim-panjakana voalaza io dia nandanian'ny fitondram-panjakana ny bokin'andraikitra manokana momba ny famindram-pitantanana amin'ny vakim-paritra tena madinika izay nanaovana fanajariana tambajotra.

Misy fizarana folo io bokin'andraikitra io, dia ireto avy izany:

- Fizarana faha-I : momba ny fananana azo afindra fitantanana
- Fizarana faha-II : mikasika ireo fepetra mialoha ny famindram-pitantanana
- Fizarana faha-III : mikasika ny fombafomba famindam-pitantanana
- Fizarana faha -IV : momba ny vaninandro ampiharana ny famindram-pitantanana
- Fizarana faha-V : momba ny fotoana aharetan'ny fitantanana
- Fizarana faha-VI : momba ny sandan'ny fitantanana
- Fizarana faha-VII : momba ny fanaraha-maso ny fitantanana
- Fizarana faha -VlII : momba ny fanohizana ny fitantanana
- Fizarana faha-IX : momba ny fanovana *sy* fanafoanana ny fanekem-pitantanana
- Fizarana faha-X : fepetra samihafa

*<u>Fizarana faha-I</u>: momba ny fananana azo afindra fitantanana*

Voafaritra amin'io fizarana voalohany io ny fananam-panjakana namboarina ho an'ny be sy ny maro izay antsoina ho tambajotra ka azo afindra fitantanana amin'ny Fikambanan'ny mpampiasa rano; ireto avy ireo fotodrafitrasa azo afindra fitantanana:

- asa voakaly sy asa momban'ny fitarihan-drano,
- asa voakaly sy asa momban'ny fandritana rano
- asa voakaly sy asa momban'ny fefiloha,
- lalankely mampitohy ny toeram-pamokarana,

*<u>Fizarana faha-II</u>: mikasika ireo fepetra mialoha ny famindram-pitantanana*

Toy izao avy ny fepetra takiana alohan'ny hanaovana famindram-pitantanana :

► Ny Fikambanan'ny Mpampiasa rano dia efa nandray anjara tamin'ireto asa manaraka ireto:

- fanadihadiana talohan'ny hanaovana ny tambajotra,
- fandraisana anjara tamin'ny asa fanarenana ny tambajotra,
- fanaovana ny asa fikojakojana, fitantanana ary fiarovana ny tambajotra taorian'ny asa fanarenana ny tambajotra,
- voamarina fa mahay ny andraikiny tsara ny fikambanana ary hita fa manana ny fahaiza-manao ny amin' izany izy.
- voamarina fa mijoro ara-panjakana ny fikambanana,
- nahazo fankatoavan'ny Minisitera misahana ny fambolena ny fikambanana,
- fanaovana fangatahana famindram-pitantanana ny tambajotra

► Ny momban'ny tambajotra :

- Vita tanteraka ny fandraisana ny asa (réception définitive),
- Voamarina fa mandeha tsara ny tambajotra,
- Ny fanamarinana fa mandeha tsara ny tambajotra dia ataon'ny solontenan'ny minisitera misahana ny fambolena sy ny fikambanana voakasika izany,

*<u>Fizarana faha-III</u> : mikasika ny fombafomba famindram-pitantanana*

Alohan'ny famindram-pitantanana dia mampijoro ny vaomiera manokana ny famindram-pitantanana ka ireto avy no ao anatin'ny vaomiera:

- Filoha
- Ny Lehiben'ny sampandraharaha misahana ny fananan-tany, mahefa any an-toerana
- Ny mpikambana :
    - ny Lehibe misahana ny fambolena amin'ny faritra SAVA
    - ny Lehiben'ny sampandraharahan'ny génie rurale amin'ny faritra SAVA,
    - ny Lehiben'ny sampandraharahan'ny rano sy ny ala ao amin'ny faritra SAVA,
    - ny Ben'ny Tànana misy ny tambajotra anaovana famindram-pitantanana,

Aorian'ny fampijoroana ny vaomiera manokan'ny famindram-pitantanana dia ireto ny fombafomba arahana :

- manao fangatahana famindram-pitantanana ny fikambanana mpampiasa rano, alefa amin'ny filohan'ny Vaomiera Manokana ny Famindram-pitantanana,
- mijery any an-toerana ny fotodrafitrasa sy ny fomba fiasan'ny fikambanana ny Vaomiara Manokana,
- manao fitanana an-tsoratra roa karazana momba izany ny vaomiera :
    - ny voalohany mikasika ny fomba fiasan'ny fikambanana sy ny fahaiza-manaony,
    - ny faharoa mikasika ny fandehan'ny tambajotra,
- raha hitan'ny vaomiera manokana fa mahafapo ny fijerena teny an-toerana ny fotodrafitrasa sy ny fahaiza-manaon'ny fikambanana dia alefa aty amin'ny Minisitera misahana ny fananan-tany ny antotan-taratasy mba hamoahana didim-pitondrana mikasika ny famindram-pitantanana ny tambajotra,

*<u>Fizarana faha-IV</u>: momba ny vaninandro ampiharana ny famindram-pitantana*

Manankery manomboka amin'ny vaninandro andraisan'ny fikambanana ny didim-pitondrana nanambara ny fankatoavan'ny fanjakana ny famindram-pitantanana.

*<u>Fizarana faha-V</u>: momba ny fotoana aharetan'ny fitantanana*

Ifanarahan'ny Vaomiera Manokana ny famindram-pitantanana sy ny fikambanana ny famerana ny faharetan'ny fotoana hanaovana ny fitantanana ka folo taona raha kely indrindra ary tsy mihoatra ny telopolo taona ary azo avaozina.

*<u>Fizarana faha-VI</u> : momba ny sandan'ny fitantanana*

- tsy misy sandany ny fanaovana ny fitantanana ny tambajotra.
- ny Vaomiera Manokana ny famindram-pitantanana no misolotena ny Fanjakana ;
- manana zo fizakana ny tambajotra ny fikambanana rehefa vita ny famindram-pitantanana.
- raha misy fanovana atao aniin'ny tambajotra dia tsy maintsy ahazoana alalana amin'ny fanjakana ;
- Tsy azo amidy na ahofa ny tambajotra ;
- tsy maintsy tanterahana ara-dalàna ny fikojakojana ny tambajotra ka misy fifanekena ifanaovan'ny roa tonta ny momba izany ;
- raha misy fahasimban'ny tambajotra ateraky ny rivo-doza dia manampy ny fanarenana azy ny Fanjakana.

*<u>Fizarana faha-VII</u>: momba ny fanaraha-maso ny fitantanana*

Ny Vaomiera Manokana ny famindram-pitantanana dia manao ny fanaraha-maso mikasika ny fikojakojana, ny fiarovana ny tambajotra

Manao tatitra momban'ny fanaraha-maso nataony ny Vaomiera Manokana; marihina ao anatin'ny tatitra raha misy lesoka ary omena fe-potoana ny fikambanana hanarenany izany.

Raha dila ny fe-potoana ka tsy nahatanteraka ny andraikiny ny fikambanana dia mandray fanapahan-kevitra ny Vaomiera amin'ny fanafoanana ny fanekem-pitantanana.

*<u>Fizarana faha-VIII</u>: momba ny fanohizana ny fitantanana*

Raha tapitra ny fe-potoana voalaza ao amin'ny fanekem-pitantanana ary raha hita fa nahafapo foana ny fandraisan'andraikitrin'ny fikambanana dia azo havaozina avy hatrany ny fitantanana.

*<u>Fizarana faha-IX</u>: Momba ny fanovana sy fanafoanana ny fanekem-pitantanana*

Raha misy fanovana tiana hatao ao amin'ny fifanekem-pitantanana dia ifanarahan'ny Vaomiera Manokana ny famindram-pitantanana sy ny Fikambanan'ny Mpampiasa Rano izany.

Raha foana ny famindram-pitantanana nohon'ny lesoka tsy narenin'ny fikambanana dia ny Kaominina misy ilay tambajotra no mandray ny andraikitra.

*<u>Fizarana faha-X</u>: fepetra samihafa*

Atovana amin'izao bokin'andraikitra manokana izao ny fifanekem-pitantanan'ny lasitra.

| | |
|---|---|
| IV- NY FITSIPI-PITONDRANA | ATAO ASAM-BAOMIERA |
| V- NY FITSIPIKA ANATY | |
| VI- NY DINA | |

| | | | |
|---|---|---|---|
| Vaomiera 1 | : | Ny fitsipi-pitondrana | JERY TODIKA na FEED BACK |
| Vaomiera 2 | : | Ny fitsipika anaty | |
| Vaomiera 3 | : | Ny Dina | |

Aorian'ny asam-baomiera voalohany dia manao asam-boamiera faharoa mikasika ity lohahevitra ity:

Ahoana no fomba hampianarana ny lalàna, ny didim-panjakana, ny fitsipi-pitondrana, ny fitsipika anaty ary ny dina?

**FAMPIHARANA MIKASIKA NY :**

- Asan'ny mpitantsoratra ;
- Asan'ny mpitambola ;
- Asan'ny mpanara-maso ny kaonty ;
- Fanaovana PAIT ;
- Fanaovana vinavinam-bola hiditra sy hivoaka ;
- Fanaovana ny fanekem-pitantanana ;
- Fanaovana fangatahana famindram-pitantanana
- Fanaovana fitanana an-tsoratra.
- Fomba fitarihana fivoriana

**MIALOHA NY FIFARANAN'NY FIOFANANA DIA**:

- Manao fangatahana ny famindram-pitanana isaky ny FMR,
- Manao fanekem-pitantanana isaky ny FMR: marihina fa atao ao anatin'ny fifanekena ny filàna fanohanana ara-torohevitra sy ara-teknika avy amin'ny Fanjakana ary ny filàna fiofanana fanampiny ao anatin'ny taona iray.
- Arindra ao anatin'izany ny fotoana tiana ahazoana ireo zavatra voalaza ireo.

# LALANA LAHARANA FAHA 90-016

**Mikasika ny fitantanana, fikojakojana ary ny fitandremana ny tambajotran'ny fitarihan-drano amin'ny fambolena**

Ny antenimieram-pirenena entim-bahoaka no nandany,
Ny Filohan'ny Repoblika Demokratika Malagasy no mamoaka hampanan-kery ny Lalàna izay toy izao ny andinindininy :

FIZARANA FAHA-I: MOMBA NY TAMBAJOTRAN'NY FITARIHAN-DRANO AMIN'NY FAMBOLENA

Andininy voalohany: Izao lalàna izao no mifehy ny tambajotran'ny fitarihan-drano amin'ny fambolena sy ireo fotodrafitrasa rehetra mandray anjara amin'ny fanajariana sy ny fanamaintisamolaly ny tany andalovan'izy ireo.

Tafiditra ao anatin'io famaritana io ny tambajotra rehetra momba ny fitarihan-drano amin'ny fambolena, na inona na inona fomba enti-mamatsy izany ara-bola sy ny nihavian'izany vola izany.

FIZARANA FAHA-II: MOMBA NY FITANTANANA NY TAMBAJOTRA

Andininy faha-2: Rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa izay mizaka ny zon'ny maha-olona sy mahavita tena ara-bola no hiandraikitra ny fitantanana, ny fikojakojana ary ny fitandremana ny tambajotran'ny fitarihan-drano. Ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa dia ahitana olona (atao hoe: "mparnpiasa ny tambajotra") izay mamboly ka mahazo tombotsoa amin'ny fotodrafitrasa voalaza ao amin'ny andininy voalohany.

Ny fitsipika araka ny lalàna iorenan'ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa, dia atao mitovy amin'ny fitsipika mifehy fikambanana izay tsy andraisam-bola na farimbonasa iray.

Mba ahazoana manatanteraka ny asam-pitantanana, fikojakojana ary fitandremana ny fitarihan-drano, ny mpikambana ao amin'ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa dia tokony hanangana Dina iray.

Ny fiahiana io rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa io dia ho tanterahina araka ny rijan-teny manan-kery mifehy ireo rafitra samihafa ireo.

Raha tahiny ka misy rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa tsy tafatsangana, dia ny Vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana izay ahitana ny tany rehetra andalovan'ny fotodrafitrasa voalaza ao amin'ny andininy voalohany no miandraikitra ny fitantanana, ny fikojakojana ary ny fitandremana ny tambajotran'ny fitarihan-drano amin'ny fambolena.

FIZARANA FAHA-III: MOMBA NY FIKOJAKOJANA

Andininy faha-3: Ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa dia tokony hisahana ny famatsiam-bola amin'ny fikojakojana ny fotodrafitrasa voalaza ao amin'ny andininy voalohany. Amin'izany, dia horaisiny avy amin'ireo mpampiasa tambajotra ny vola izay azo andoavana ny fikojakojana ireo fotodrafitrasa ireo,

Andininy faha-4: Tsy maintsy mandoa ny saram-pikojakojana voalaza ao amin'ny andininy faha -3 ny mpampiasa tambajotra. Izany sarany izany dia aloa ao anatin'ny fe-potoana nifanekena noferan'ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa. Azo aloa atao lahasa na atao lelavola ny fanonerana ny sarany.

Andininy faha-5: Ireo mpampiasa ny tambajotra izay tsy mahaloa ara-dalàna ny sarany tokony haloany ao anatin'ny fe-potoana voafetra dia mety hiharan'ny sazy voalaza ao amin'ny fifanarahana voasoritra ao amin'ny Dinan'ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa, ary amin'ny faraheriny, any amin'ny fitsarana ny fanagejana ny vokatra na sazy hafa mety hampiharina.

Andininy faha-6: Ny saram-pikojakojana ny tambajotran'ny fitarihan-drano amin'ny fambolena dia hoferana araka ny tetin'ny fikojakojana ny fitaovana,

Didim-panjakana atao eo am-pivorian'ny Ministra no hametra ny fombafomba fikajiana sy famatsiana ara-bola ireo sarany ireo.

Ny rantsana mpanatanteraka ao amin'ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa no hametra isan-taona ny tetin'ny saram-pikojakojana.

Ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa no hiandraikitra ny fanangonana ireo sarany ireo.

Hotakiana araka ny fomba fanao amin'ny fitakiana hetra mivantana izy ireo, ary hoferana ao amin'ny Bokin'Andraikitra ny fepetra ankapobe,

Ny vola notakiana dia harotsaka ao amin'ny kaontin'ny Banky iray na kaontin'ny paositra iray izay nosokafana amin'ny anaran'ny rafi-pandaminana, ary azo hampiasaina rehefa nahazo baiko avy amin'ny rantsana mpanatanteraky ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa. Ny rantsana mpanatanteraka ao amin'ny rafi-pandaminana no mitantana azy.

Raha ilaina, dia azon'ny rafi-pandaminana atao ny miantso rantsana hafa hanampy azy amin'ny fitakiana ny vola; kanefa dia tsy ampiasaina herim-panjakana izany afa-tsy amin'ny fampiharana fanomezam-pahefana avy amin'ny fitsarana natao araka ny didy amam-pitsipika.

Andininy faha-7: Ny mpampiasa tambajotra dia tsy maintsy mandray anjara amin'ny asa fikojakojana izay notapahin'ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa, araka ny tetiandro sy ny fepetra nataony.

Andininy faha-8 : Ny asa momba ny fikojakojana sy ny fikajiana ary koa ny fanaraha-maso sy ny fiarovana ny toho-drano sy ny taozavatra atovana ny fitarihan-drano izay mihoatra ny fahefan'ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa, ny fitantanana, ny fahaizana ara-teknika sy ny ara-pitantanam-bola dia azon'ny Fanjakana raisina ny andraikitra momba an'izany. Didim-pitondrana nataon'ny Minisitra mikarakara ny Fambolena no hamaritra izany andraikitra izany.

Andininy faha-9: Isan-taona ny Fanjakana dia manomana vola azo raisina avy hatrany raha misy voinan'ny rivo-doza na voina hafa voa-janahary, mba hanampiana ny rafi-pandaminana hanarenany ny faritra tra-boina.

**FIZARANA FAHA- IV**: MOMBA NY FITANDREMANA ANKAPOBENY NY TAMBAJOTRA - SAZY

Andininy faha-10: Azon'ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa atao alohan'ny hitondrana ny raharaha eo amin'ny fitsarana ny mampihatra ny fepetra voalaza ao amin'ny Dina sy manamboatra ny simba noho ny fandikan-dalàna manaraka ireto:

1. Ny fanapahana ny fifanomezana rano amin'ny samy mpampiasa tambajotra ;
2. Ny fitsakan'ny olona amin'ny lakan-drano ivelan'ny toerana notondroina amin'izany ;
3. Ny fandehanana amin'ny lakana eny amin'ny lakan-drano na ny famelana lakana hivezivezy na hiantsona eny raha tsy nahazoan-dàlana manokana avy amin'ny rafi-pandaminana,
4. Ny fampiraofana ahitra ny karazam-biby rehetra na ny famelana azy ireny hivezivezy eny amin'ny fisolampy, tany nototofana, tany nesorina. tahalaka, lavaka na tany hafa miankina amin'ny lakan-drano raha tsy misy fahasimbana nihatra tamin'ny zava-miorina, ary izay

zavatra rehetra mety hitera-pahavoazana eo amin'ny tambajotra ;

5. ny fananganana na ny fanatsatohana, nefa tsy nahazoan-dàlana mialoha sady manokana, fefy na toy inona na toy inona karazany latsaka ny efatra metatra hatreo amin'ny fofotry ny tany nototofana na nesorina tamin'ny lakan-drano. Azon'ny fitsarana mahefa atao, ankoatra izany, ny andidy ny fanongotana na ny fanesorana ny fefy ;
6. Ny fanaratoana, ny fametrahana vovo, ny fananganana toho-drano mba hamandrihana trondro, raha tsy nahazoana fahazoan-dàlana manokana ;
7. Ny fanovàna ny lalan'ny rano na ny fanovozana amin'ny alalan'ny milina na koa amin'ny fampiasana ny rano mba ahazoana angovo. raha tsy nahazoan-dalàna manokana:
8. Ny fananganana fitarihan-drano vaovao eo amin'ny lakan-drano kilasy voalohany, faharoa na fahatelo nefa tsy nahazoan-dalana :
9. Ny fandefasana rano maloto na manimba ny fahasalamana ao anatin'ny lakan-drano indrindra fampikorianana rano maloto avy any amin'ny ozinina nefa tsy nahazoan-dalana na nasiam-panafody mialoha ;
10. Ny fametrahana na ny fanalana ny fitaovana rehetra amin'ny ankapobeny ;
11. Ny fametrahana ao anatin'ny lakan-drano poti-javatra maloto, manimba na mameno toerana ;
12. Ny fahavoazana voalazan'ny faha-4 ao amin'ity andininy ity raha misy fahasimbana eo amin'ny fotodrafitrasa;
13. Ny fitsakan'ireo biby fiompy eny ivelan'ny làlana voatondro ho amin'izany ;
14. Ny fandehanan'ireo fiara tarihim-biby na fiarakodia eny amin'ny fefîloha na tahalaky ny lakan-drano nefa tsy nahazoan-dalana;
15. Ny fampiasana tsy nahazoan-dalana ireo fîtaovana mikasika ny fitariha-drano ;
16. Ny fandavahana ny lakan-drano, fandoarana fotaka, fanaovana asa na inona na inona ao anatin'ny lakan-drano, fakana tany eny amorony na koa ny fanapahana ny rano nefa tsy nahazoan-dalana ;
17. Ny fanimbana na fanaovan-javatra mahasimba ny tatantra, ny tetezana itarihan-drano, fefiloha, tohodrano, tahalaka, vavarano, vovo fisarihan-drano, ny fitambaran'ny fitaovana rehetra, asa voakajy sy lahasa fanampiny tena ilaina ;
18. Ny fanorenana trano flalokalofana ho an'ny olona ... (na dia vonjimaika aza) eny amin'ireo asa fîtarihan-drano amin'ny fambolena arovana.

Andininy faha-11: Ny olona mandika lalàna ka minia manatanteraka izany araka ny fepetra sy fepotoana voatondro ao arnin'ny Dinan'ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa dia hosaziana toy izao manaraka izao:

- Fampidirana an-tranomaizina 6 ka hatramin'ny 29 andro sy handoa onitra arivo ka hatramin'ny dimy arivo Ariary, na ny iray ihany amin'ireo sazy ireo, momba ireo fandikan-dalàna voalaza ao amin'ny andalana voalohany ka hatramin'ny faha-7 ao amin'ny andininy faha-10;
- Fampidirana an-tranomaizina folo andro ka hatramin'ny roa volana sy fandoavana onitra telo arivo ka hatramin'ny valo arivo Ariary, na ny iray ihany amin'ireo sazy ireo, momba ireo fandikan-dalàna voalaza ao amin'ny andalana faha-8 ka hatramin'ny faha-14 ao amin'ny andininy faha-10;
- Fampidirana an-tranomaizina iray volana ka hatramin'ny herintaona sy fandoavana onitra iray alina ka hatramin'ny enina alina Ariary na ny iray ihany amin'ireo sazy ireo, momba ny fandikan-dalàna voalaza ao amin'ny andalana faha-15 ao amin'ny andininy faha-10;
- Fampidirana an-tranomaizina iray volana ka harramm'ny telo taona sy fandoavana onitra roa alina ka hatramin'ny roa hetsy Ariary na ny iray ihany amin'ireo sazy ireo momba ny fandikan-dalàna voalaza ao amin'ny andalana faha-16 ka hatramin'ny faha-18 ao amin'ny andininy faha-10.

Andininy faha-12 : Ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa dia mahazo manao fampakaran-draharaha any amin'ny fitsarana ka na toriana izy amin'izany na mpitory.

**PAIK'ADY**

Andininy faha-13 : Omem-pahefana hizaha fototra ny fandikana lalàna :

- Ny mpandraharaha ao amin'ny Ministera miandraikitra ny Fambolena izay notendrena araka ny fepetra voalaza ao amin'ny andininy faha-19 amin'ny Hitsivolana laharana faha 76-019 tamin'ny 14 Mey 1976 sy ireo rijan-teny nanovàna azy ;
- Ireo "officiers de police judiciaire".

Andininy faha-14: Ny mpandraharaha mpizaha fototra ny fandikan-dalàna dia tsy afaka mandray ny asany raha tsy efa nanao fianianana teo anatrehan'ny fitsarana.

Andininy faha-15: Ny mpandraharaha mpizaha fototra dia mahazo manao fampakaran-draharaha ho tapahin'ny fitsarana tampony araka ny fepetra ahazoana manao io fampakaran-draharaha io.

**FIZARANA FAHA-V : MOMBA** NY FAMINDRANA NY FITANTANANA NY FOTODRAFITRASA

Andininy faha-16: Mba ahafahan'ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa misahana ny fitantanana sy ny fikojakojana ny tambajotran'ny fitarihan-drano amin'ny fambolena dia omena hiandraiketany ny fitantanana ny fotodrafitrasa voalaza ao amin'ny andininy voalohany.

Andininy faha-17: Ny Ministera miandraikitra ny Fananam-panjakana no hametra ny fombafomba rehetra hanaovana ny famindrana ny fitantanana amin'ny alalan'ny Didim-pitondrana.

**FIZARANA FAHA-VI**: FEPETRA SAMIHIAFA

Andininy faha-18 : Didim-panjakana atao eo am-pivorian'ny Ministra, raha ilaina, no hanoritana ny fepetra soritan'izao lalàna izao.

Andininy faha-19: Foanana ary dia foana ireo didy aman-dalàna mifanohitra amin'izao, fa indrindra ny fepetra voalaza ao amin'ny Hitsivolana laharana faha 81-026 tamin'ny 22 Desambra 1981.

Andininy faha-20 : Havoaka amin'ny « Gazetim-panjakan'ny Repoblika » izao lalàna izao.

Hotanterahina izany fa lalàm-panjakana.

Havoaka hanan-kery Antananarivo, ny 20 jolay 1990

Didier RATSIRAKA

# DIDIM-PANJAKANA LAHARANA FAHA 90-642

REPOBLIKA DEMOKRATIKA MALAGASY
Tanindrazana-Tolom-piavotana -Fahafahana

**MINISTERAN'NY FAMBOLENA**
**SY NY FANANAN-TANY**

DIDIM-PANJAKANA LAHARANA FAHA 90-642 Ampiharana ny Lalàna laharana faha 90-016 tamin'ny 20 Jolay 1990 mikasika ny fitantanana, ny fikojakojana ary ny fitandremana ny tambajotran'ny fitarihan-drano amin'ny fambolena

**NY MINISITRY NY FAMBOLENA SY NY FANANAN-TANY**

- Araka ny Lalàmpanorenana;
- Araka ny Lalàna laharana faha 90-016 tamin'ny 20 Jolay 1990 mikasika ny fitantanana, ny fikojakojana ary ny fitandremana ny tambajotra fitarihan-drano amin'ny fambolena ;
- Araka ny Lalàna laharana faha 61-034 tamin'ny 1 5 Novambra 1961 mikasika ny fanatanterahana ny asa nataon'olo-tsotra ho an'ny fampidiran-drano amin'ny tanimbary ary ny tanimboly ;
- Araka ny Hitsivolana novan'ny laharana faha 60-099 tamin'ny 21 Septambra 1960 momba ny tanim-panjakana;
- Araka ny Hitsivolana laharana faha 76-044 tamin'ny 27 Desambra 1976 hamerana ny fitsipika momba ny fandaminana, ny fampandehanana ary ny anjara raharahan'ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana;
- Araka ny Hitsivolana laharana faha 60-133 tamin'ny 3 Oktobra 1 960 mikasika ny fomba ankapoben'ny Fikambanana;
- Araka ny Hitsivolana laharana faha 77-039 tamin'ny 29 Jona 1977 mikasika ny DINA mifehy ny Farimbonasa Sosialista momba ny famokarana;
- Araka ny Didim-panjakana laharana faha 77-037 tamin'ny 16 Febroary 1977 mametra fitsipi-pampandehanan-draharaha, ny anjara raharaha ary ny andraikitry ny Vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana,

**DIA MAMOAKA IZAO DIDY IZAO**:

**FIZARANA VOALOHANY**: MOMBA NY TAMBAJOTRA FITARIHAN-DRANO AMIN'NY FAMBOLENA SY IREO MPAMPIASA AZY IREO

Andininy voalohany: ny atao hoe tambajotra momba ny fitarihan-drano amin'ny Fambolena fehezin'ity didim-panjakana ity dia ireo asa ary taozavatra amin'ny fotodrafitrasa mikasika ny fitarihan-drano amin'ny Fambolena mandray anjara amin'ny fanajariana sy ny fanamaintisamolaly ny tany, toy ny:

- Asa voakaly sy asa momba ny fitarihan-drano,
- Asa voakaly sy asa momba ny fanamainana ny tany,
- Asa voakaly sy asa momba ny fefiloha ary ny lalan-kely mampitohy ny toeram-pamokarana.

Andininy faharoa : Ny atao hoe mpampiasa ny tambajotra araka ny voalazan'ny andininy faha-2 ao amin'ny lalàna dia ireo olona rehetra mamboly ny tany misy ireo tambajotran'ny fitarihan-drano amin'ny fambolena voalaza ao amin'ny andininy voalohany sy ireo olona rehetra mampiasa ny rano ao amin'ny fitarihan-drano na ny fanamainana ny tany na ireo fampiasana hafa rehetra manana endrika toe-karena.

**FIZARANA FAHA-II**: NY RAFI-PANDAMINANA AHAZOANA MANATANTERAKA NY ASA

Andininy faha -3: Rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa izay mizaka ny zon'ny maha-olona sy mahavita tena ara-bola, izay ahitana ny vondron'ireo mpampiasa tambajotra voalaza ao amin'ny andininy faha-2 no niandraikitra ny fitantanana, ny fikojakojana ary ny fitandremana ny tambajotran'ny fitarihan-drano amin'ny fambolena.

Ny sampandraharaha mahefa ao amui'ny Ministera misahana ny Fambolena dia manampy amin'ny fanofanana sy toro-hevitra tekinika.

Iantohan'ny Fanjakana sy ny Rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa, ny fiambenana, ny fanaraha-maso ary ny fepetra ilaina amini'ny filaminana sy ny fikojakojana ny fefiloha ary koa ireo asa fanampiny amin'ny tambajotran'ny fitarihan-drano amin'ny fambolena voalaza ao amin'ny andininy faha-8 ao amin'ny Lalàna araka ny fepetra feran'ny Bokin'Andraikitra neken'ny Didim-pitondrana nataon'ny Ministeran'ny Fambolena.

Andininy faha-4: Ny mpampiasa tambajotra omban'ny faneken'ny Vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana ahitana ny tany rehetra andalovan'ny tambajotran'ny fitarihan-drano amin'ny fambolena voalaza ao amin'ny Andininy voalohany, no manangana ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa. Raha ao amin'ny faritry ny Fivondronampokontany maromaro ny ankamaroan'ny tany andalovan'ny tambajotra, dia hatsangana eo anivon'ny Fivondronampokontany izay ahitana mpampiasa tambajotra be indrindra ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa, izay nahazoana alalana mialoha avy amin'ny Filohan'ny Komity Mpanatanteraky ny Faritany voakasika.

Andininy faha-5: Ny Rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa dia manana andraikitra indrindra amin'ny:

- Itantanana ny rano mikoriana ao amin'ny lakan-drano manomboka any amin'ny vavarano ka hatramin'ny toriny;
- Maka fanapahan-kevitra any amin'ny fanokafana vavarano vaovao na ny amin'ny ankapobeny ny fanaovana asa vaovao amin'ny tambajotran'ny fitarihan-drano amin'ny fambolena noho ny fangatahana avy amin'ny mpikambana iray araka ny fombafomba voafetry ny fitsipi-pitantanana ary nahazoana hevitra avy amin'ny sampandraharaha mahefa ao amin'ny Ministera misahana ny Fambolena;
- Miantoka ny fanatanterahan'ny mpikambana na ny orin'asa ny asam-pikojakojana ny tambajotran'ny fitarihan-drano amin'ny fambolena, ary mandray ny fepetra ilaina rehetra amin'ny fitandroana ny tambajotran'ny fitarihan-drano amin'ny fambolena sy ho fiarovana ny sahan'asa ;
- Miantoka ny fampiharana ireo lalàna manakery rehetra (anisan'izany ny DINA);
- Manao fifanaraham-barotra izay tsy mifanohitra amin'ny tanjona voafaritra ao amin'ny fitsipi-pitantanana ;
- Manao fisamboram-bola raha toa ka ilaina izany ;
- Manao sy manaiky ny teti-bola isan-taona ho amin'ny fikojakojana sy ny fandehanan'ny tambajotran'ny fitarihan-drano amin'ny fambolena ;
- Mitantana ny tahiry eo am-pelatanany.

**<u>FIZARANA FAHA-III</u>**: NY FIKOJAKOJANA

<u>Andminy faha-6</u>: Ny mpampiasa tambajotra dia tsy maintsy mandoa manontolo ny sara-pikojakojana ny tambajotran'ny fitarihan-drano amin'ny fambolena araka ny fepetra voasoritr'ity Didim-panjakana ity, raha tsy ohatra ka misy fanomezan-dàlana manokana avy amin'ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa.

<u>Andininy faha-7</u>: Ny teti-bidin'ny sara-pikojakojana isan-taona isaky ny hektara dia voafetra araka ny raiki-pohy manaraka izao:

$$Fe = K \frac{E}{S}$$

Fe = Sara-pikojakojana isaky ny hektara ary isan-taona
K = Lanjan'iza ferana araka ny Bokin'Andraikitra mahafaobe
E = Totalim-bidy isan-taona mikasika ny fikojakojana
S = Velaran-tany ifamoivoizan'ny tambajotran'ny fitarihan-drano amin'ny fambolena mandritry ny taona

<u>Andininv faha-8:</u> Ny teti-bidin'ny sara-pikojakojana aloan'ny mpampiasa ny tambajotra izay nampiasa ny rano sy namerina azy ao amin'ny tambajotra dia voarafitry ny Didim-pitondrana navoakan'ny Faritany izay natolotry ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa, raha tsy ohatra ka mitovy amin'ny rano nalaina ny fatra fizika sy simika ny rano naverina.

Ny fahazoan-dàlana haka na hamerina rano dia omen'ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa rehetra neken'ny sampan-draharaha mahefa ao amin'ny Ministera misahana ny Fambolena.

<u>Andininv faha-9</u>: Ny fitakiana ny vola saram-pikojakojana ny tambajotran'ny fitarihan-drano amin'ny fambolena dia iandraiketan'ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa.

Ny fanaovana ny antontan-taratasy ilaina amin'ny fanangonana ireo saram-pikojakojana ireo, ny fombafomba fitakiana sy ny famaritana ny fe-potoam-panangonana ny vola dia andraikitry ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa.

Raha misy tsy fandoavana ny vola saram-pikojakojana dia ampiharina ny fepetra rehetra voalaza ao amin'ny DINA voasoritra ao amin'ny andininy faha-2 ao amin'ny Lalàna.

<u>Andininy faha -10</u> : Ny mpampiasa ny tambajotra dia tsy maintsy mandray anjara amin'ny asam-pikojakojana amin'ny alalan'ny asa isan'andro na amin'ny fanomezana kojakoja.

Ny tsy fanatanterahana izany fandraisana anjara izany dia mitarika ny fampiharana ny DINA.

**<u>FIZARANA FAHA-IV</u>:** FEPETRA SAMIHAFA

<u>Andininy faha -11</u>: Ireo fombafomba fampiharana ny momba ny tekinikan'ireo fepetra voalazan'izao Didim-panjakana izao dia anaovana Bokin'Andraikitra mahafaobe iray amin'ny teny Malagasy izay ataon'ny Ministera misahana ny Fambolena ary ankatoavana araka ny Didim-pitondrana izay.

<u>Andininy faha -12</u>: Isaky ny ambaratonga misy azy avy ny Rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa tsirairay avy dia afaka mandray fepetra manokana amin'ny alalan'ny DINA voasoritra ao amin'ny andininy faha-2 ao amin'ny Lalàna, ka miainga avy amin'ireo fepetra voalaza ao amin'ny Bokin'Andraikitra mahafaobe ny anaovana izany.

Andininy faha -13 : Ny Minisitry ny Fambolena sy ny Fananan-tany, ny Minisitry ny Fitantanam-bola sy ny Teti-bola, ny Minisitry ny Ati-tany, no miandraikitra araka ny tandrify azy avy ny fanatanterahana izao Didim-panjakana izao, izay havoaka sy hampahalalaina na aiza na aiza ilàna izany.

Natao tao Antananarivo, ny 19 Desambra 1990

Avy amin'ny Filohan'ny Repoblika Demokratika Malagasy

Didier RATSIRAKA

Ny Praiminisitra sady Lehiben'ny Governemanta,

Ny Kolonely RAMAHATRA Victor

Ny Minisitry ny Fitantanam-bola Sy ny teti-bola, Mp. To

Jean ROBIARIVONY

Ny Minisitry ny Fambolena sy ny Fananantany

ANDRIANOELISON José

Ny Minisitry ny Ati-tany

AMPY Augustin Portos

# BOKIN'ANDRAIKITRA MANOKANA

<u>And-1</u>: Izao Bokin'Andraikitra Manokana izao dia natao ho fampiharana izay voalazan'ny And-17 ao amin'ny Lalàna faha 90-016 tamin'ny 20 Jolay 1990 mikasika ny fîtantanana fikojakojana ary ny fitandremana ny Tambajotra Fitarihan-drano amin'ny fambolena.

<u>And-2</u>: Izao Bokin'Andraikitra Manokana izao dia mametra ny fombafomba ankapoben'ny famindram-pitantanana ny Tambajotra Fitarihan-drano amin'ny fambolena ny Vakim-paritra tena madinika ao amin'ny Fanjakana sy ny Rafim-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa na ny Vondron'izy ireo ka nankatoavina, ary koa ny asa sy ny adidy ary ny andraikitry ny andaniny sy ankilany mikasika ny fîtantanana, ny fikojakojana ary fitandremana ny Tambajotra Fitarihan-drano amin'ny fambolena nomena ho tantanana.

**<u>F I Z A R A N A  FAHA-I</u>:** IREO FANANANA AZO AFINDRA FITANTANANA

<u>And-3</u>: Tsy azo afindra fîtantanana raha tsy ireo fananam-panjakana anisan'ny artifisialy (fananam-panjakana namboarina ho an'ny besinimaro) antsoina hoe: Tambajotra Fitarihan-drano amin'ny fambolena izay voafaritry ny Andinin'ny voalohan'ny Didim-panjakana laharana faha 90-642 tamin'ny 19 Desambra 1990 ho fampiharana ny Lalàna faha 90-016 dia ireto avy izany:

- ► Asa voakaly sy asa momba ny fitarihan-drano,
- ► Asa voakaly sy asa momba ny fandritana,
- ► Asa voakaly sy asa momba ny fefiloha ary ny lalan-kely mampitohy toeram-pamokarana.

<u>And-4</u>: Ny atao hoe lalan-kely mampitohy ny toeram-pamokarana araka ny voalazan'ny andalana faha-16 amin'ny And-4 n'ny hitsivolana faha 60-099 nasiam-panovana, mikasika ny fananam-panjakana dia ny lalan-kely voatokana hikojakojana ny Tambajotra Fitarian-drano amin'ny fambolena.

Tsy tafiditra ao anatin'io famaritana io izany ny lalankely rehetra ao amin'ny Faritra madinika ampiasaina amin'ny zavatra hafa noho ireo voalaza etsy ambony

<u>And-5</u>: Ny famindram-pitantanana dia mikasika ireo asa voakaly sy asa rehetra anatin'ny fanajariana na ny fanarenana ny Tambajotra.

**<u>F I Z A R A N A  F A H A - II</u>:** IREO FEPETRA MIALOHAN'NY FAMINDRAM-PITANTANANA

<u>And-6</u>: Tsy azo atao ny famindram-pitantanana raha tsy tanteraka ireto fepetra manaraka ireto:

- ► Aorian'ny fandraisana anjara tena izy ny Rafi-pandaminana na ny Vondron'ny Rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa amin'ny fanadihadiana ;
- ► Aorian'ny fandraisana anjara tena izy ny Rafi-pandaminana na ny Vondrona Rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa amin'ny asa izay nankininy taminy ;
- ► Aorian'ny fandraisana tanteraka ny asa ;
- ► Aorian'ny fangatahana famindram-pitantanana izay ataon'ny Rafi-pandaminana ny Vondrona, Rafi-pandaminana ahazoana manantanteraka ny asa.

<u>And-7</u>: Tsy azo atao ny famindram-pitantanana raha tsy efa vita fanamarinana fa mandeha ara-dalàna ny Tambajotra natao ho afindra fitantanana.

Izany fanamarinana izany dia iarahan'ny solontena voatendrin'ny Ministera misahana ny fambolena manao amin'ny rantsana mpanatanteraky ny Rafi-pandaminana na ny Vondrona Rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa voakasik'io Tambajotra io.

And-8: Ny famindram-pitantanana dia tsy azo atao raha tsy amin'ny Rafi-pandaminana na ny Vondrona Rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa voatsangana ara-dalàna ara-panjakana ary aorian'ny fankatoavana ara-panjakana azy ireo ataon'ny Ministera misahana ny Fambolena.

Ny fankatoavana ny Rafi-pandaminana ny Vondron'ny Rafi-pandaminana dia natao mba hitsarana ny fanarahan'ny Rafi-pandaminana na ny Vondrona Rafi-pandaminana ny fepetra araka ny lalàna sy ara-pifehezana mikasika ny fitantanana, ny fikojakojana ary ny fitandremana ny Tambajotra Fitarihan-drano amin'ny Fambolena.

Ny fombafomba fankatoavana ny Rafi-pandaminana na Vondrona Rafi-pandaminana dia ho faritan'ny Fanapahana hataon'ny Ministera misahana ny Fambolena.

And-9: Ny famindram-pitantanana dia tsy azo atao afa-tsy amin'ireo Rafi-pandaminana na Vondrona Rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa izay afaka mampiseho fahaiza-manao ao amin'ny lafiny fltantanana, flkojakojana ary fitandremana ny Tambajotra Fitarihan-drano amin'ny fambolena, fara-faharatsiny ao anatin'ny taom-pambolena iray aorian'ny fandraisana tanteraka ny asa.

**F I Z A R A N A FAHA-III**: FOMBAFOMBA FAMINDRAM-PITANTANANA

And-10: Alohan'ny hanaovana famindram-pitantanana, amin'ny alalan'ny tolo-kevitra ataon'ny Ministera miandraikitra ny fananan-tany, misy didy fanendrena an'ireo mpikambana ao amin'ny vaomiera manokana momba ny famindram-pitantanana izay tarihin'ny lehibe sampan-draharaha fananan-tany ara-paritra mahefa izay tokony ankatoavin'ny Ministeran'ny fananan-tany araka ny andininy voalaza ao amin'ny lalàna laharana faha 60-004 tamin'ny 15 febroary 1960 indrindra ao amin'ny andàlana fana-23.

Io vaomiera io dia tarihin'ny sampan-draharahan'ny fananan-tany ara-paritra mahefa ka ahitana ireto tompon'andraikitra manaraka ireto mba ho fitanisana fotsiny ihany fa tsy famaritana :

1. Raha famindrana ho an'ny Rafi-pandaminana :

   - ny Filohan'ny Vondrombahoakam-paritra nankato ny fitsanganan'ny Rafi-pandaminana na ny solontenany ;
   - ny solotenam-paritr'ireo sampan-draharaha tekinika ahitana fara-fahakeliny : tekinisiana iray ao amin'ny Génie Rurale, iray ao amin'ny Fambolena ary iray ao amin'ny Rano sy Ala.

2. Raha famindrana ho an'ny Vondron'ny Rafi-pandaminana :

   - ny Filohan'ny Vondrombahoakam-paritra izay mahasahana ny faritra voakasiky ny Tambajotra Fitarihan-drano voalaza ao anatin'ny fangatahana, na ny solontenany;
   - ny solontenam-paritr'ireo sampan-draharaha tekinika ahitana fara-fahakeliny : tekinisiana iray ao amin'ny Génie Rurale, iray ao amin'ny Fambolena ary iray ao amin'ny Rano sy Ala.

And-11: Aorian'ny fananganana ara-panjakana ny Rafi-pandaminana na ny Vondrona Rafi-pandaminana sy fankatoavan'ny Ministera misahana ny Fambolena izay ahafahana mitsara ny fahaizan'izy ireo manaraka ny fepetra araka ny lalàna sy ara-pifehezana mikasika ny fitantanana, ny fikojakojana ary ny fitandremana ny Tambajotra Fitarihan-drano amin'ny Fambolena, ny fangataham-pamindram-pitantanana izay neken'ny tekinisianin'ny Ministera misahana ny Fambolena tompon'andraikitra any an-toerana, dia alefa any amin'ny Filohan'ny Vaomiera Manokana ny Famindram-pitantanana.
Io fangatahana io dia ataon'ny Rafi-pandaminana na Vondrona Rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa dika telo mitovy.

And-12: Ny Vaomiera izay misahana ny fandinihana ny fangatahana no manao fanamarinana tahaka ny voafaritra ao amin'ny andininy faha-9 etsy ambony ary fijerena eny an-toerana ny toetoetry ny asa voakaly sy ny asa amin'ny Tambajotra Fitarihan-drano amin'ny fambolena natao ho afindra fitantanana.

Hisy firaketana mikasika ny fahafahan'ny Rafi-pandaminana na Vondrona Rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa miantoka ny fitantanana, ny fikojakojana ary fitandremana ny Tambajotra Fitarihan-drano amin'ny fambolena. Atao dika telo mitovy ary soniavin'ny roa tonta io firaketana io.

And-13: Amin'ny fotoana nifaneken'ny roa tonta, ny Vaomiera voafaritra amin'ny Andininy faha-10 etsy ambony dia mivory miaraka amin'ny rantsana mpanatanteraka Rafi-pandaminana na Vondrona Rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa ahafahana miroso amin'ny fijerena any an-toerana ny toetoetran' ny asa voakaly sy asa ao amin'ny Tambajotra Fitarihan-drano amin'ny fambolena natao ho afindra fitantanana.

Hisy firaketana ny fijerena any an-toerana ny toetoetry ny asa voakaly sy ny ao amin'ny Tambajotra Fitarihan-drano amin'ny fambolena izay hifanatrehan'ny roa tonta sy natao dika telo mitovy : ny iray ho an'ny Rafi-pandaminana na ny Vondrona Rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa, ny iray ho an'ny Vondrombahoakam-paritra nankato ny fiforonan'ny Rafi-pandaminana na ny Vondrona Rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa, ary ny iray ho an'ny Vaomiera Manokana.

And-14: Rehefa vita izany fombafomba rehetra izany dia hisy Didim-pitondranan'ny Ministera misahana ny Fananan-tany mamindra ny fitantanana ny Tambajotra Fitarian-drano amin'ny fambolena voakasika izany ho an'ny Rafi-pandaminana na Vondrona Rafi-pandaminana ary havoaka amin'ny gazetim-panjakana. .

Hisy filazana alefa amin'ny onjam-peon'ny Fampielezam-peon'ny Tantsaha momba izany.

**F I Z A R A N A FAHA-IV** : MOMBA NY VANIANDRO AMPIHARANA NY FITANTANANA

And-15 : Ny fitantanana dia manan-kery manomboka amin'ny vaninandro hampahafantarana ny Rafi-pandaminana na ny Vondrona Rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka asa ny didim-mpitondrana voalaza amin'ny andininy etsy ambony.

**F I Z A R A N A F A H A - V** : MOMBA NY FOTOANA AHARETAN'NY FITANTANANA

And-16 : Ny famerana ny faharetan'ny fitantanana ny Tambajotra na ny ampahany amin'ny Tambajotra dia iarahan'ny Vaomiera miandraikitra ny famindram-pitantanana sy ny Rafi-pandaminana na ny Vondrona Rafim-pandaminana ahazoana manantanteraka.

Kanefa io fe-potoana io dia tokony hifanaraka amin'ny faharetan'ny Rafi-pandaminana na ny Vondrona Rafim-pandaminana voakasika izay voalaza ao anatin'ny fitsipi-pitondrana, ka tsy latsaky ny folo taona, tsy mihoatra ny telopolo taona ary azo havaozina.

**F I Z A R A N A F A H A - VI**: MOMBA NY SANDAN'NY FITANTANANA

And-17: Tsy andoavan'ny Rafi-pandaminana na ny Vondrona Rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa, vola ny fitantanana ny Tambajotra Fitarihan-drano amin'ny Fambolena.

And-18: Ny fanaovana sonia ny fifanekem-pitantanana voafaritra amin'ny And.faha-12 etsy ambony dia midika fa antsoina hoe « MPITANTANA » ny Rafi-pandaminana na ny Vondrona Rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa ary ny Fanjakana dia mijanona ho « TOMPONY »

And-19: Ny Fanjakana izay Tompon'ny Tambajotra dia soloin'ny Filohan'ny Vaomiera tena izay nanao ny Famindram-pitantanana, araka ny voafaritry ny And. faha-10 etsy ambony amin'izay resaka rehetra mikasika fitantanana.

And-20: Ny fitantanana ny Tambajotra Fitarihan-drano ainin'ny fambolena dia manome an'ilay Mpitantana ZO fizaka-manana an'ilay Tambajotra.

lo ZO fizaka-manana io anefa dia tsy manome alalana hivarotana na hanova ny fampiasana nanokana ny Tambajotra Fitarihan-drano amin'ny fambolena.

And-21: Izay fanovana irin'ny Mpitantanana amin'ny Tambajotra natolotra ho tantanany dia angatahana fahazoan-dàlana an-tsoratra mialoha amin'ny Tompony ary arahana fijerena eny an-toerana ny toetoetran'ny Tambajotra Fitarihan-drano amin'ny fambolena.

Na inona na inona antony dia ambara fa ny fanovana irian'ny Mpitantana amin'ny Tambajotra natolotra ho tantanany dia ny hikendry lalandava ny fanatsarana ny Tambajotra Fitarian-drano amin'ny fambolena.

And-22: Tsy maintsy iantohan'ny Mpitantanana ny fihazonana amin'ny toetra nandraisany azy, araka izay hita tamin'ny fijerena teny an-toerana voalazan'ny And. faha-13 na sy faha-21 etsy ambony.

And-23: Tsy maintsy arahin'ny Mpitantana ny lalàna sy ny rijanteny rehetra mifehy ny fitantanana, ny fikojakojana ary ny fitandremana ny Tambajotra sy ny didy fampiharana azy.

And-24: Ny sampan-draharahan'ny Ministera misahana ny fambolena izay misolontena ny Fanjakana dia manampy ny Mpitantana, indrindra amin'ny lafiny fanofanana sy torohevitra ara-tekinika ary fanohanana amin'ny lafiny lalàna.

Ny endriky ny fanampiana amin'ny lafiny fanofanana sy torohevitra ara-tekinika ary ny fanohanana amin'ny lafiny lalàna dia faritana mazava tsara araka izay fisehoan-javatra eny an-toerana, ary atovana amin'ny fifanekem-pitantanana. Izany fanampiana izany dia tsy andoavana vola.

And-25: Na eo aza ny fepetra ao amin'ny And. faha-23 etsy ambony ary araka ny And. faha-9-n'ny lalàna 90-016 voalaza etsy ambony, raha misy fahasimbana ateraky ny loza vokatry ny tondra-drano tsy nampoizina (isaky ny folo taona na mihoatra) sy ny fiovan'ny lalan'ny renirano ary ny rivodoza, dia ampian'ny Fanjakana araka izay fahafahany ary ara-potoana ny Mpitantana mba hamerenana amin'ny laoniny ny simba eo amin'ny faritra natao ho tantanana.

## **F I Z A R A N A   F A H A - VII**: MOMBA NY FANARAHA-MASO NY FITANTANANA SY NY FEPETRA RAISINA RAHA MISY LESOKA HITA ATAON'NY MPITANTANA

And-26: Azo atao indray mandeha isan-taona ny fanaraha-maso ny fitantanana.Ifanarahan'ny Vaomiera voalaza amin'ny And faha-10 etsy ambony na olon-kafa nomen'ny Tompony sy ny Mpitantana Manokana mialoha ny fotoana anaovana fanaraha-maso.
Io fanaraha-maso io no ahafahana mitsara ny:

► Fikojakojana mahazatra sy ny fanamboarana natao hampandeha ara-dalàna ny Tambajotra Fitarihan-drano amin'ny fambolena.

Mandritra io fanaraha-maso io no hijerena eny an-toerana ny toetoetry ny asa voakaly sy ny asa ao amin'ny Tambajotra Fitarihan-drano amin'ny fambolena nafindra fitantanana.

Amin'ny fiafaran'io fanaraha-maso io no hanaovan'ny Vaomiera tatitra ka atovana amin'izany ny firaketana momba ny fijerena eny an-toerana ny toetoetry ny Tambajotra.

Manana alalana hanara-maso ny fitantanana ny Tambajotra fitarihan-drano amin'ny fambolena ankoatra io fanaraha-maso io ny Tompony.

And-27: Raha misy lesoka hita mandritra io fanaraha-maso ny fitantanana io, dia marihina ao anatin'ny tatitra izay voalazan'ny andininy etsy aloha.

Omena fe-potoana arakaraka ny toe-javatra tsapa ny Mpitantana mba hanarenany ny lesoka.

Tapitra io fe-potoana io, ny Ministera misahana ny Fananan-tany dia afaka mandray izay fepetra rehetra azo ampiharina amin'ny Mpitantana, ao anatin'izany ny fampiatoana ny fifanekem-pitantanana, ny fandravana ny rantsana mpanatanteraka raha avy aminy ny fahadisoana ary fampakarana ny raharaha eny amin'ny fltsarana mba ho fampiharana ny rijanteny mikasika ny fananam-panjakana iombonana.

**F I Z A R A N A  F A H A - V I I I**: MOMBA NY FANOH1ZANA NY FITANTANANA

And-28: Tapitra ny fe-potoana voalaza ao amin'ny Fifanekem-pitantanana, dia azo havaozina avy hatrany ny fitantanana.

**F I Z A R A N A F A H A - IX**: MOMBA NY FANOVANA SY FANAFOANANA NY FIFANEKEM-PITANTANANA

And-29: Tsy azo atao ny fanovana ny Fifanekem-pitantanana raha tsy misy fifanarahan'ny roa tonta amin'ny fotoana anaovana ny fanaraha-maso.

And-30: Ny fanafoanana ny Fifanekem-pitantanana dia tsy atao raha tsy misy lesoka lehibe ataon'ny Mpitantana hitan'ny Ministera misahana ny fanaraha-maso.

Omena fahalalahana tanteraka io Vaomiera io mba hitsara izay halehiben'ny lesoka.

Raha misy fanafoanana ny Fifanekem-pitantanana ny Tambajotra Fitarihan-drano amin'ny fambolena izay nafindra fitantanana tamin'ny Rafi-pandaminana na ny Vondrona Rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa, araka ny Didim-pitondrana nataon'ny Ministera misahana ny fananan-tany, dia miverina ho an'ny Vondrom-bahoakam-paritra izay voafaritry ny And. faha-2-n'ny Lalàna faha -90-016 ny fitantanana.

**F I Z A R A N A F A H A - X**: FEPETRA SAMIHAFA

And-31: Atovana amin'izao Bokin' Andraikitra Manokana izao ny Fifanekem-pitantanana lasitra.

And-32: Izao Bokin'Andraikitra Manokana izao, izay mametra ny fombafomba ankapobe ny famindram-pitantanana ny Tampajotra fitarihan-drano amin'ny fambolena ao amin'ny Faritra madinika ho an'ny Rafi-pandaminana na Vondrona Rafi-pandaminana, dia tsy andoavana hajia sy sara-piraketana.

# DIDIM-PITONDRANA LAHARANA FAHA 4293/97

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana-Fahafahana-Fahainarinana

MINISTERAN'NY FAMBOLENA

DIDY FANAPAHANA LAHARANA FAHA- 4293/97

Ho fankatoavana ny bokin'andraikitra mikasika ny fepetra manokana momban'ny famindram-pitantanana ny tambajotra fitarihan-drano ho amin'ny fambolena ho an'ny rafi-pandaminana nankatoavina.

**NY MINISITRY NY FAMBOLENA**,

► Araka ny lalàmpanorenana tamin'ny 10 septembre 1992
► Araka ny lalàna laharana faha 95-001 tamin'ny 13 oktobra 1995 nasiam-pamerenana mitondra andininy laharana faha-53, 61, 74, 75, 90, 91 et 94 ny lalàmpanorenana tamin'ny 10 septembre 1995
► Araka ny lalàna laharana faha 90-016 du 20 jolay 1990 mikasika ny fitantanana, fikojakojana ary fitandremana ny tambajotra fitarihandrano,
► Araka ny didim-panjakana nasiam-panovana laharana faha 60-099 taminn'ny 21 septembre 1960 mikasika ny fitsipika momba ny fananam-panjakana ary ny didy fampiharana,
► Araka ny didim-panjakana laharana faha 60-133 tamin'ny 3 oktobra 1960 mikasika ny fepetra ankapobeny mifehy ny fikambanana,
► Araka ny didy fampiharana laharana faha 97.128 tamin'ny 21 fébroary 1997 mikasika ny fanendrena ny Praiministra, Filohan'ny Governemanta,
► Araka ny didy fampiharana laharana faha 97.129 tamin'ny 21 fébroary 1997 mikasika ny fanendrena ny mpikambana ao amin'ny Governemanta,
► Araka ny didy fampiharana lahara faha 97.207 tamin'ny 25 marsa 1997 mamaritra ny andraikitry ny Minisitry ny fambolena, ary ny fandrindrana ankapobeny ny Minisitera tantanany,
► Araka ny didy fampiharana laharana faha 90-642 tamin'ny 19 desambra 1990 mikasika ny fampiharana ny lalàna laharana faha 90-016 tamin'ny 20 jolay 1990 momba ny fitantanana, fikojakojana ary fitandremana ny tambajotra fitarihan-drano,
► Araka ny didy fanapahana laharana faha 290-91 tamin'ny 18 janoary 1991 mikasika ny fankatoavana ny bokin'andraikitra ankapoben'ny fitantanana, fikojakojana ary fitandremana ny tambajotra fitarihan-drano,

**D I D Y  F A N A P A H A N A**:

ANDININY I - Nankatoavina izao Bokin'andraikitra Manokana mikasika ny fomba anatanterahana ny famindram-pitantanana ny tambajotra fitarihan-drano amin'ny lemaka madinika voatondra-drano izao, ifanaovan'ny Fanjakana amin'ny Rafi-pandaminana na Vondron-drafi-pandaminana nankatoavina.

ANDININY FAHA-II - Ny fifanekem-pamindram-pitantanana ny tambajotra fitarihan-drano amin'ny lemaka madinika voatondra-drano ifanaovan'ny Fanjakana amin'ny Rafi-pandaminana na Vondron'ny Rafi-pandaminana dia tokony ho voarindra araka ny fepetra voalaza ao amin'ny Bokin'andraikitra manokana voalaza etsy ambony.

ANDININY FAHA - III Dia nafohezina araka ny didy fampiharana laharana faha - 1070/94 tamin'ny 16 marsa 1944.

ANDININY FAHA - IV - Inty didy fampiharana inty dia voarakitra sy navoaka am-pahibemaso ao amin'ny Gazetim-panjakana ary azo ampiasaina amin'izay rehetra mety ilàna izany.

Natao teto Antananarivo, faha 06 may 1997

# FIFANEKEM-PITANTANANA LASITRA

FIFANEKEM-PITANTANANA LASITRA MOMBA NY VAKI-PARITRA TENA MADINIKA ITARIHAN-DRANO AMIN'NY FAMBOLENA, IFANAOVAN'NY FANJAKANA SY NY RAFI-PANDAMINANA NA NY VONDRONA RAFI-PANDAMINANA AHAZOANA MANATANTERAKA NY ASA

And-1: Izao fifanekena izao dia mamaritra ireo fepetra momba ny fitantanana ny Tambajotra Fitarihan-drano amin'ny fambolena (na ampahany) ao …………………..voafaritra ao amin'ny And.faha-3 manaraka etoana, ary ifanaovan'ny :

► NY FANJAKANA, andaniny antsoina hoe « TOMPONY » ary soloin'ireto manaraka ireto tena :

- NY FILOHA : Ny lehiben'ny Sampandraharaha misahana ny Fananan-tany na ny solontenany
- NY MPIKAMBANA: -.................................................... na ny solontenany
  - .................................................... na ny solontenany
  - .................................................... na ny solontenany
  - .................................................... na ny solontenany

► SY NY RAFI-PANJAKANA na ny Vondrona Rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa eo ankilany, antsoina hoe .................................sy lazaina hoe “MPITANTANA”, ary manana ny foibeny ao..……………………………………

And-2: Izao fifanekena izao dia natao araka ny fepetra voalaza ao amin'ny Bokin'Andraikitra Manokana nankatoavin'ny didim-pitondrana laharana faha-4293/97 navoakan'ny Ministera misahana ny Fambolena tamin'ny 06 may 1997.

***FIZARANA I*: *IREO FANANANA AFINDRA FITANTANANA***

And-3: Ireto avy ireo fananana afindra fitantanana:

- ....................................................
- ....................................................
- ....................................................
- ....................................................

Hisy filazalazana amin'ny antsipiriany momba ny asa voakaly sy ny asa ao amin'ny tambajotra fitarihan-drano amin'ny fambolena izay atovana an'ity fifanekem-pitantanana ity ary omena ny anarana hoe « Firaketana ny fijerena eny an-toerana ny toetoetry ny tambajotra ».

***F I Z A R A N A  I I*: *MOMBA NY FAHARETAN'NY FITANTANANA***

And. 4: Ny fitantanana dia maharitra …………………..taona ary azo avaozina.
Na inona na inona mety ho fiovana eo anivon'ny rantsana mpanatanteraka ny Rafi-pandaminana na ny Vondrona Rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa dia manankery mandritra io fotoana io ny fepetra voarakitra ao anatin'ny fifanekem-pitantanana.

***F I Z A R A N A   III:*** *MOMBA NY ZO SY NY ANDRAIKITRY NY MPITANANA*

And-5: Ny Mpitantana dia afaka mampiasa tanteraka ny zo fizaka-manana ny Tambajotra voatondro ao amin'ny and. faha-3 etsy ambony, raha toa ka manaraka ireo fepetra voalazan'ny Andininy faha-6, 7, 8 etsy ambany.
Tsy azony afîndra na amin'iza na amin'iza ny zony na ny ampahany fotsiny aza.

And-6: Ny Mpitantana dia miantoka ny fikajiana ny Tambajotra (na ampahany) araka ny toetra nanolorana azy sy nandraisany azy izay voalaza ao amin'ny fitanana an-tsoratra ny fijerena natao teny an-toerana atovana amin'izao fifanekena izao.

And-7: Tsy maintsy mitantana ny tambajotra (na ampahany) izay nankinina taminy toy ny ray aman-dreny ny Mpitantana (fitantanana ara-drariny, fitsinjo tsara...).

And-8: Ny Mpitantana dia:

- tsy mahazo manova ny fampiasana nanokanana ny tambajotra ;
- tsy mahazo manova ny toetran'ny tambajotra araka ny nanolorana azy, raha tsy mahazo alalana an-tsoratra avy amin'ny Tompony ;
- tsy maintsy manaja ny fitsipika ara-teknika momba ny fiasan'ny tambajotra
- tsy maintsy manaraka ireo fepetra voalazan'ny didy aman-dalàna mikasika ny fitantanana, ny fikojakojana ary ny fitandremana ny Tambajotra fitarihan-drano amin'ny fambolena, indrindra fa ny lalàna laharana faha-90-016 tamin'ny 20 Jolay 1990 sy ireo rijanteny fampiharana azy.

***F I Z A R A N A IV*** **:** *MOMBA NY ZO SY ANDRAIKITRY NY TOMPONY*

And-9: Atolotry ny Tompony maimaim-poana ny fitantanana.

And-10:

- Manampy ny Mpitantana amin'ny alalan'ny fanofanana sy ny toro-hevitra ara-tekinika ary fanohanana amin'ny lafiny ialàna ny Tompony izay atao maimaim-poana
- Faritana ny endrika sy ny vaninandro hanaovana ny fanampiana sy torohevitra ara-tekinika ary ny fanohanana eo amin'ny lafiny lalàna arakaraka ny filàna ho an'ny taona manaraka, ka atao anatin'ny firaketana atovana ity fifanekem-pitantanana ity izany famaritana izany.
- iantohan'ny Tompony ny fanatanterahana an-tsakany sy andavany ireo fanampiana ireo.

And-11: Raha misy fahasimbana ateraky ny loza vokatry ny tondra-drano tsy nampoizina (isaky ny folo taona na mihoatra) sy ny fiovan'ny lalan'ny renirano ary ny rivodoza dia ampian'ny Tompony ny Mpitantana arak'izay fahafahany ary ara-potoana mba hamerenana amin'ny laoniny ny simba eo amin'ny faritra natao ho tantanina aorian'ny fizahana fototra sy jery lanja iarahan'ny roa tonta manao.

***F I Z A R A N A   V*** **:** *MOMBA NY FANARAHA-MASO NY F1RINDRA SY NY HATSARAN'NY FITANTANANA*

And-12: Azo atao indray mandeha isan-taona ny fanaraha-maso ny fitantanana. Ifanaovan'ny Vaomiera manokana voalaza amin'ny And. 1 etsy ambony sy ny Rantsana mpanatanteraky ny Rafi-pandaminana na ny Vondrona Rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa, ny fanatanterahana izany. lo fanaraha-maso io no ahafahana mitsara ny :

- fikojakojana mahazatra sy ny fanamboarana natao hampandeha ara-dalàna ny tambajotra fitarihan-drano amin'ny fambolena.

Mandritra io fanaraha-maso io no hijerena any an-toerana :

► ny toetoetry ny asa voakaly sy ny asa ao amin'ny Tambajotra fitarihan-drano amin'ny fambolena nafindra fitantanana.

Amin'ny fiafaran'io fanaraha-maso io no hanaovan'ny Vaomiera tatitra ka atovana amin'izany ny firaketana momba ny fijerena eny an-toerana ny toetoetry ny Tambajotra, ny firaketana ahitana ny lisitra sy ny endriky ny fanampiana ara-piofanana sy ny toro-hevitra ara-tekinika sy ny fanohanana eo amin'ny lafiny lalàna ho an'ny taona ho avy.

Ireto avy no andefasana an'io tatitra io:

► Ny Filohan'ny Rafi-pandaminana na ny Vondrona Rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa ;
► Ny Filohan'ny Vondrombahoakam-paritra nankato ny fiforonan'ny Rafi-pandraminana na ny Vondrona Rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa ;
► Ny Filohan'ny Vaomiera Manokana ny Famindram-pitantanana ;
► ………………………………………………………………………………………

***<u>F I Z A R A N A VI</u> :*** *MOMBA NY FEPETRA RAISINA RAHA MISY LESOKA ATAON'NY MPITANTANA*

<u>And-13</u> :

- Raketina ao amin'ny tatitra voalaza eo ambony ny lesoka tsapa mandritra ny fanaraha-maso ny fitantanana natao.
- Ampahafantarin'ny Tompony ny Mpitantana izany lesoka izany
- Omena fe-potoana arakaraky ny toe-javatra tsapa ny Mpitantana hanarenany ny lesoka.
- Tapitra io fe-potoana io, ny Ministra misahana ny fananan-tany dia afaka mandray izay fepetra rehetra azo ampiharina amin'ny Mpitantana, ao anatin'izany ny fampiatoana ny fifanekem-pitantanana, ny fandravana ny rantsana mpanatanteraka raha avy aminy ny fahadisoana ary ny fampakarana ny raharaha amin'ny fitsarana mba ho fampiharana ny rijanteny mikasika ny fananam-panjakana iombonana.

***<u>F I Z A R A N A VII</u>****: FEPETRA SAM1HAFA*

<u>And-14</u>: Ny fitantanana dia manan-kery manomboka amin'ny vaninandro nampahafantarana ny Rafi-pandaminana na ny Vondrona Rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa, ny Didim-pitondrana nataon'ny Ministera miandraikitra ny Fananan-tany manambara io famindram-pitantanana io.

<u>And-15</u>: Atovana amin'izao fifanekena izao:

- Ny fitanana an-tsoratra ny fijerena teny an-toerana voalaza ao amin'ny andininy faha-3 etsy ambony;
- Ny antontan-taratasy misy ny lisitra, ny endrika, ny votoatiny ary ny vanim-potoana anaovana ny fanampiana eo amin'ny lafiny fiofanana, ny toro-hevitra ara-tekinika ary ny fanohanana eo amin'ny lafiny lalàna voafaritra eo amin'ny And. faha-10 etsy ambony.

And-16: Raha misy fanovana atao amin'izao Fifanekem-pitantanana izao dia tsy maintsy mifanantona ny Vaomiera Manokana (solontenan'ny Tompony) sy ny Mpitantana handray fanapahan-kevitra. Izany dia atao raha misy fangatahana ataon'ny andaniny na ny ankilany.

And .17 : Tsy andoavana hajia sy saram-piraketana izao fifanekena izao.

Natao dika telo(3)mitovy teto......................ny ..................

| NY MPITANTANA : | NY TOMPONY : |
|---|---|
| (Rantsana Mpanatanteraka ny Rafi-pandaminana na ny Vondrona Rafi-pandaminana ahazoana mana tanteraka ny asa) | (Ny Vaomiera manokana rnomba ny Famindram-pitantanana) |
| - Ny Filoha | - Ny Filohan'ny Vaomiera |
| - Ny Mpikambana : | - Ny Mpikambana |